


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Manatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra

Aoka isika haneho fankasitrahana



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries and Valerie Du Plessis

Ny fahafenoan’ny fisaorana dia fomba iray hanehoana ny fiadanan'i Kristy izay manapaka ao am-pontsika, fanehoana ny Tenin'i Kristy mitoetra be dia be ao anatintsika. Ny fisaorana dia fitsipika iray izay tokony hitarika izay rehetra ataontsika (jereo ny Kolosiana 3:15–17). Andeha isika hijery andininy telo fohy nefa tsy latsa-danja, manomboka amin’ny 1 Tesaloniana 5:16–18:

> “Mifalia mandrakariva. Mivavaha, ka aza mitsahatra. Misaora amin'ny zavatra rehetra; fa izany no sitrapon'Andriamanitra ao amin'ny Kristy Jesosy ho anareo.”

Misy toromarika tsotra telo ao amin'ireo andininy ireo: Mifalia mandrakariva, mivavaha ka aza mitsahatra, ary misaora amin'ny zavatra rehetra. Hoy i Paoly momba ny fisaorana amin’ny zavatra rehetra,“Izao no sitrapon’Andriamanitra ao amin’i Kristy Jesosy ho anareo.” Rehefa tsy misaotra isika, dia tsy manatanteraka ny sitrapon’Andriamanitra. Raha lazaina amin’ny teny hafa, dia ivelan’ny sitrapon’Andriamanitra isika. Izay zava-dehibe ny mahatakatra izany!

Ny zavatra faharoa tiako holazaina momba ny fahafenoan’ny fisaorana, na ny fanomezana fisaorana, dia fanehoana tena ilaina ny fahafenoan’ny Fanahy izany. Nanoratra i Paoly hoe, “Aza mamono ny Fanahy” (andininy 19). Izao no nolazainy tamin’ny Efesiana:

> “Ary noho izany dia aza manao adaladala, fa aoka ho fantatrareo izay sitrapon’ny Tompo. Ary aza ho mamon-divay hianareo, fa amin’izany dia misy fanaranam-po amin’ny ratsy, fa aoka hofenoina ny Fanahy, [Masina].” (Efesiana 5:17–18)

Nomen'i Paoly antsika ny lafiny ratsy, arahin'ny lafy tsara, fijerena ny sitrapon'ny Tompo. Raha tsy azontsika ireo fahamarinana momba ny sitrapon’Andriamanitra ireo dia

© 2008 - Dries Du Plessis

adala isika. Mitovy avokoa ny fananarana tsirairay. Diso ny Kristiana raha mamon-divay, fa tsy mety koa raha tsy feno ny Fanahy Masina ny Kristiana. Indraindray, amin’ny olona maha ara-pivavahana, dia mifantoka be amin’ny lafy ratsy isika — tsy mameno ny tenantsika amin’ny divay ka ho mamo — hany ka manadino ny momban’ny lafiny tsara — ny hoe feno ny Fanahy Masina. Mila feno ny Fanahy isika.

Ny zavatra faharoa tiako holazaina momba ny fahafenoan’ny fisaorana, na ny fanomezana fisaorana, dia fanehoana tena ilaina ny fahafenoan’ny Fanahy izany. Nanoratra i Paoly hoe, “Aza mamono ny Fanahy” (andininy 19). Izao no nolazainy tamin’ny Efesiana:

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-350-MLG
Nohavaozina farany: 31 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

